## Fanampiana Fiangonana 3
**Fitadiavana dera sy fanafenana kilema ny an-dRajoelina**

## Teo Ambohipotsy tamin'izany 2
**Feno 185 taona ny nandefonana an-dRasalama Martiora**


# NY VALOSOA VAOVAO

Gazety miseho intelo isan-kerinandro
(Talata - Alakamisy - Sabotsy)

Alakamisy 18 aogositra 2022 Laharana 1333 Vidiny : **500 Ar**


## Orinasa Aca Capital mpanao fantson-drano 2
**Tsy naloan'ny JIRAMA ny volany, mpiasa maro no lasa tsy an'asa**


www.gvalosoa.com
gvalosoa@yahoo.com
facebook : gazety valosoa rakoto


## Angôvo 2
# Tsy ampy ny tahirin-tsolika amin'ny RN4, RN7, RN34



## Morondava faritra Menabe 2
# Tsy nisy niraharaha ny fahatongavan'ny filohan'ny HCC



## Tsy fiavian'ny kabeson'ny Ampanjaka Toera 3
# Latsa-dranomaso in-6 sy nalahelo ny Ampanjaka Sakalava



## Kaominina Soalala faritra Boeny 3
# Misy fanamparam-pahefana ataon'ny tompon'andraikitra



## Ankoay U18 lahy sy vavy 8
**Noraisin'ny Nations Unies teny Andraharo**

## Ambasadin'i Etazonia 7
**Nampiditra rano fisotro madio amin'ny faritra ambanivohitra**




## Daka kely

Fanesoan'ny olona an'ialahy ilay hoe tompondaka ry Boaikely a !

MORONDAVA FARITRA MENABE

## Tsy nisy niraharaha ny fahatongavan'ny filohan'ny HCC tany

Ny alakamisy faha-11 Aogositra 2022 teo dia tonga tany Morondava faritra Menabe ny filohan'ny HCC (Fitsarana Avo momba ny Lalampanorenana), Florent Rakotoarisoa, rehefa nahazo fanasana hiatrika ny fitokanana ny Centre Eco-Touristique du Menabe, sy ny fanombohan'ny Jeux du Menabe, izay karakarain'ny Menabe connexion. Toy ny mahazatra moa dia rehefa misy filohana andrimpanjakana na mpikambana ao amin'ny governemanta tonga any an-toerana dia tonga eny amin'ny seranam-piaramanidina avokoa ireo solontenam-panjakana ao amin'ny renivohitry ny faritra Menabe mandray sy manome voninahitra ny vahiny. Ny nahagaga anefa tamin'ity dia tsy nisy afa-tsy manamboninahitra iray no tonga nitsena azy teny amin'ny seranam-piaramanidina, eny fa na dia ny ben'ny tanànan'ny kaominina ambonivohitr'i Morondava aza dia tsy hita teny. Ny fanadihadiana izay natao, no nahalalana fa ny sasany tamin'ireo STD dia niaraka tamin'ny governoran'ny faritra Menabe namonjy ny famaranana ny Fitampoha tany Belo sur Tsiribihina ary ny sasany kosa niaraka tamin'ny Prefet, namonjy lanonam-pianakavian'ny minisitra Tinoka Roberto tany Mandabe, nefa na dia izany aza dia tokony ho nandefa solontena izy ireo, fa ahian'ny maro ho noho Andriamatoa Hawel no nanasa azy, no tsy nanotronan'ireo olom-panjakana ity filohana andrim-panjakana ity, noho ny tsy fifankahazoana misy eo amin'ity farany sy ny minisitra Tinoka Roberto. Izao fihetsika izao dia manambara, fa efa mikorontana tanteraka ireo samy ao amin'ny fitondrana ary tsy misy intsony ny fifanajana eo amin'ireo samy olom-boatendry sy olom-boafidy. Azo tarafina amin'izany, fa tsy misy ny fiaraha-miasa matotra eo amin'ireo samy mpitondra fa ekipa ekipa no misy ao.


*Ny filohan'ny HCC, tonga tany Morondava.*

***Rajepa***

Angôvo

## Tsy ampy ny tahirin-tsolika amin'ny RN4, RN7, RN34

Sahirana amin'izao fotoana ireo mifamoivoy mampiasa ny lalampirenena faha-4 (RN4), ny lalampirenena faha-7 (RN7), ny lalampirenena faha-34 (RN34) noho ny tsy fahampian'ny tahirin-tsolika amin'ny toerana mihazo an'i Mahajanga, mihazo an'Antsirabe, ny mihazo an'i Morondava. Be ireo tafahitsoka any an-toerana noho ny tsy fisian'ny solika, toy ny gazoala, na misy aza dia filaharambe izany. Nijery vahaolana ny tompon'andraikitratry ao amin'ny ministeran'ny Angôvo sy ny Akoranafo, hamahana ny tsy fahampiana solika eo anivon'ny mpaninjara JOVENA, satria hita fa tsy ampy ny tahiry amin'ny lalampirenena faha-7 sy faha-4 ary faha-34 iny. Noho izany dia misy kamiao nalefa hanampy ny tahiry any an-toerana, misy ny firaisankina eo amin' ireo samy mpaninjara solika amin'izany. Arak'izany hoy ny tompon'andraikitra, tsy tokony hikoropaka ny rehetra satria ampy mandritra ny 25 andro ny tahirintsolika misy eto Madagasikara ary efa misy ny sambo ho tonga ihany koa amin'ny faran'ny volana aogositra.


*Filaharana solika amin'ny RN4 any Ambondromamy faritra Boeny.*

***Niaina***

Orinasa Aca Capital mpanao fantson-drano

## Tsy naloan'ny JIRAMA ny volany, mpiasa maro no lasa tsy an'asa

Voatery nanakatom-baravarana ny orinasa Aca Capital, orinasa misehatra amin'ny fanamboarana sy fanoloana ny fantsona fitarihan-dranon'ny orinasa Jirama. Vola mitentina amina miliara Ariary maromaro no tsy nefain' ny Jirama tamin'izy ireo, ka naha-fatiantoka bankiropotra azy. Efa ela ity ACA CAPITAL orinasa avy any Afrika Atsimo, no nisahana ny fanadiovana sy ny fanoloana ny fantsona simba an'ny JIRAMA, maro ny fitaovana efa novidiany nanatontosana ny asa ary efa ami-na miliara ny vola lany. Efa nisy ny olana teo amin'ny JIRAMA sy ny ACA CAPITAL, saingy niezaka nanarina ny tsy nety nataon'ny JIRAMA hatrany ny orinasa. Nisy fiantraikany tamin'ny orinasa anefa ny vola tsy voaloa, ka voatery nanakatona ny orinasa ny ACA CAPITAL, izay misy mpiasa eo amin'ny 80 eo, voatery najanona amin'ny asany izy ireo satria tsy voaloa ny karamany. Mitoetra hatrany hatreto ny filazana, fa fitondrana tsy mahaloa volan'olona izao fitondrana Rajoelina izao.

***Stefa***

Talen'ny Kabinetran'ny minisitry ny serasera

## Fampahafantarana ny antokony no nataony tany amin'ny Fitampoha

Isan'ny nanamarika ny Fitampoha Menabe 2022, ny tsy fahatongavan'ny minisitry ny serasera sy ny kolontsaina Lalatiana Andriantongarivo Rakotondrazafy tany ary efa tamin'ny andro farany vao nahatonga solontena ny minisitera iadidiany tamin' ny alalan'ny Talen'ny Kabinetra Andriamatoa RASOANARIVO Haja, sy ny Tale Jeneralin'ny Kolontsaina RAZAFIARISON Francis. Ny nahagaga ny maro, ny rehetra dia teeshirt Fitampoha no nanaovana, fa ny azy irery no tee-shirt an'ny antokony dia ny Freedom. Nandritra ny roa andro dia iny foana no nanaovany, satria dia ny alakamisy alina izy ireo no tonga tany ary ny zoma folakandro vao nody, ka tsy hay na tsy nisolo akanjo mihintsy ingahy tale na efa nitondra tee-shirt Freedom firy loatra, fa dia iny foana no nanaovany, izany hoe nanararaotra ny olona vory maro angamba ingahy tale nampahafantarana ny lokom-politikany, sa ve izay no baiko nomen-dRamatoa minisitra azy?


*Ny talen'ny kabinetran'ny ministry ny serasera (faha-2, avy any ankavia).*

***Rajepa***

*Ny Valosoa sy fakafaka*

### Teo Ambohipotsy tamin'izany

## Feno 185 taona ny nandefonana an-dRasalama Martiora

Ny 14 Aogositra 1837 no maty nolefonina teny Ambohipotsy Rasalama martiora kritianina malagasy voalohany .

Raha tsiahivina ny tantaram-pirenena dia ny taona 1818 no tonga teto ireo misionera anglisy avy amin' ny ''Lms'' na '' London Missionary Society'', fanjakan'ny Mpanjaka Radama I tamin'izany, ireo misionera ireo no nampiely ny fivavahana kritianina teto Madagasikara. Niamboho ny mpanjaka Radama ny taona 1828, ka ny Mpanjakavavy Ranavalona I no nandimby azy, ny 21 Jona 1835 no voadika tamin'ny teny malagasy ny baiboly, ka vao mainka niroborobo ny fitiavan'ny malagasy ny fivavahana kristianina, nanomboka mailo ny mpanjaka vavy, satria na dia tsapany aza fa nitondra fanabeazana mendrika ho an'ny malagasy ilay finoana vao nampidirana dia hitany taratra ihany, fa nisy ny tetika ambadika nizotra tany amin'ny fakana ny tany, izay no antony nahatonga ny fandraisana fepetra hentitra dia ny fampodiana ireo misionera vahiny sy ny fanasaziana ireo malagasy nifikitra tamin'ny fivavahana kristianina.
Nisy ny fisamborana ireo nijoro nitana ny finoana krisitianina, anisan'izany Rafaravavy Rasalama, mpivavaka tao amin'ny fiangonana Manjakaray. Nogadraina tao Ambatonakanga ny alin'ny 13 Aogositra 1837, toerana misy ny fiangonana Fjkm ankehitriny, ny 14 Aogositra 1837 i Rasalama no nentina niakatra teny Ambohipotsy ary teny izy no nolefonina fa tsy teny Ampamarinana araka ny nambaran'Ingahy Filoha Rajoelina. Rafaravavy Rasalama no martiora kristianina voalohany, Rafaralahy Andriamazoto no faharoa tsy ireo ihany fa mbola nisy maromaro ireo novonoina.

Mpino protestanta i Rasalama, fa tsy ny avy amin'ny finoana protestanta ihany no nisy ireo saropiaro tamin'ny fivavahana krisitianina, satria ny mpino katôlika ihany koa dia nanana an'i Victoire Rasoamanarivo, izay nijoro tamin'ny finoany ihany koa na dia nisedra zava-tsarotra maro aza, tsy nahagaga raha toa ka tafaraka tao anatin'ny '' Vy Vato Sakelika'' na '' Vvs '' tamin'ny 1915, izay nivondronan'ireo tia tanindrazana ireo mpitondra fivavahana protestanta sy katôlika toa an'i Pasitera isany Ravelojaona, Randjavola, Razafimahefa sy ry Mompera Venance Manifatra sy ry Frera Raphael Louis Rafiringa.

Azo inoana fa ny fiarahan'ireo samy kristianina samy hafa finoana ireo, no nahatonga saina ireo ray amandrenimpiangonana, ka tonga tamin' ny fitsanganan'ny '' Fiombonan'ny Fiangonana Kristianina eto Madagasikara '' na ny '' FFKM'', izay ivondronan'ireo fiangonana 4 tranainy dia ny ''Eklezia Episkôpaly Malagasy '', ny '' Eglizy Katolika Apostolika Romana'', ny '' Fiangonan'i Jesoa Kristy eto Madagasikara'', ny '' Fiangonana Loteriana Malagasy''.
Ny antompisian'ny '' Ffkm'' dia ny fanamafisana ny firaisampinoana, ka entanina samy hijoro amin'ny mampiavaka azy ny tsirairay ao anatin'ny fanajana ny firaisana, fa tsy izay ihany, fa mijoro amin'ny fametrahana ny fahamarinana eto amin'ny firenena ihany koa ny ''Ffkm''.

Feno 185 taona ny nandefonana an'i Rasalama martiora kristianina voalohany, tsy nisy ny fanamarihana izany, satria na nisy aza dia azo antoka fa tsy maintsy nosakanan'ny mpitandro filaminana, ka ny fanomezamboninahitra mendrika indrindra atolotra an-dRasalama dia ny fanamafisana ny finoana an' Andriamanitra ilay telo izay iray: Ray , Zanaka , Fanahy masina. Ny fijoroana amin'ny fahamarinana ary ny fanarahana ny hafatr'ireo Ray amandreny avy ao amin'ny '' Ffkm'' dia ny tokony hanaovana ny fihaonambem-pirenena.

***Ny Valosoa***

## Ny Valosoa sy hadihady

### Fanampiana Fiangonana

# Fitadiavana dera sy fanafenana kilema ny an-dRajoelina

Tsy nianiana tamin'ny Baiboly toy ny nataon'ireo Filohampirenena nifandimby tao anatin'ny 60 taona, rehefa nandray ny fitantanana ny Firenena Rajoelina Andry ny 19 Janoary 2019, satria "laika" hono ny Repoblikan'i Madagasikara. Araka izany dia tsy mitsabaka amin'ny raharaham-piangonana ny mpitondra ary tsy manao politika pôlitisiana ny Fiangonana fa manelanelana kosa amin'ny fifanolanana sy disadisa misy eo amin'ny samy mpino, ny fampihavanana sy fikatsahana ny mahasoa ny mpiray Firenena no imasoany. Tao anatin'ny herinandro roa na telo izao dia niaraha-nahita ny fifandrafiana eo amin'ny samy mpino ao amin'ny Fiangonana Jesosy Mamonjy. Ny tranga dia toa mitovy amin'ny fiainana eo amin'ny sehatra politika no misy ao amin'ity Fiangonana ity, satria disadisa eo amin'ny fifidianana no niandohan'ny fifanolanana. Nanangana komity nikarakara ny fifidianana izay ho filankevi-pitantanana no niandohan'ny disadisa, satria tsy neken'ny mpino sasany ny voka-pifidianana navoakan'ny komity satria feno hosoka, hono. Nirotsaka an-tsehatra ny depiote iray ka tsy mazava moa na nitady vahaolana ity mpanao politika ity na niandany, ka tsy nety niravona ny toe-draharaha. Nitory ireo nitaky ny namerenana ny fifidianana kanefa dia nanambara ny tao anivon'ny prefektiora eto an-drenivohitra fa tsy haverina ny fifidianana. Niha-nafana anefa ny toe-draharaha ka niafara tamin'ny fifandonana mahery vaika ny faran'ny herinandro teo. Lasa toy ny raharaha eo amin'ny fiainan'izao tontolo izao ny ao amin'ny fiainan'ny Fiangonana, izay lasa misy krizy aorian'ny fifidianana (crise post-électorale). Etsy ankilany dia niaraha-nahita ny fotoam-pivavahana tao amin'ny "Palais des Sports" tao Mahamasina, izay natrehan'ny filohan'ny Repoblika. Raha ny tsapa tety ivelany dia tena lasa mpivavaka tsy misy toa azy ny filohan'ny Repoblika satria nadohalika mihitsy. Ho an'ny Firenena rahateo no nanaovana ny fotoam-pivavahana ka nanara-penitra tokoa ny fihetsiny. Tsy vitan'izay fa mimpi-maso amin'ny Fiangonana Rajoelina Andry, ka nanolotra fitaovam-pianarana ho an'ny JMJ Katôlika izy tany Antsirabe. Nanolotra volabe zato tapitrisa ariary ho an'ny KTLM (Kristiana Tanora Loterana Malagasy) ary fiara tsy mataho-dàlana ho an'ny Filohan'ny FLM. Ny Filoha Ravalomanana Marc no nanao toy izany nandritra ny nitantanany ny Firenena, saingy tsy nimpimaso izy tamin'izany satria olona tena mivavaka tokoa ary tsy nanafenany kilema sady tsy nitadiavany dera no nanaovany izay fanampiana nataony tamin'ny Fiangonana. Fantatry ny filohan'ny Repoblika tsara fa efa ny antsasa-manilan'ny Malagasy dia Kristiana, ka mampiasa ny maha tompondaka azy amin'ny fanodinana ny saim-bahoaka ho any aminy indray izy amin'izao herintaona mahery kely mialohan'ny fifidianana izao. Niaraha-nahalala fa tsy nahasakana ny faharesen'ny Barea teo amin'ny ampahefa-dàlana ny nivavahan-dRajoelina Andry tany amin'ny trano fidiovana. Tsy ilaina ny mampiseho izay ataonao fa, "midira ao amin'ny efitranonao dia harindrino ny varavarana, ka mivavaha ao amin'ny mangingina." Aza manao toy ny Fariseho izay eny an-dàlambe no mivavaka, mba ho hitan'ny olona kanefa fihatsarana ivelan-tsihy sy fisehosehoana fotsiny no anaovany izany.

***Andry Tsiavalona***

Kaominina Soalala faritra Boeny

# Misy fanamparam-pahefana ataon'ny tompon'andraikitra

Araka ny fitarainana nataon'ny solontenan'ny mponina, misy amin'izao fotoana ny fanamparam-pahefana ataon'ny tompon'andraikitra any amin'ny kaominina Soalala distrikan'i Soalala faritra Boeny, izay tarihan'ny ben'ny tanàna Abasse Chieh dit Sebas. Efa nitory any amin'ny Bianco sy ny PAC ireto mponina ireto vokatr'izany. Tranga vitsivitsy no notanisain'izy ireo ary efa any amin'ny BIANCO sy ny PAC ireo raharaha ireo, efa ho taona iray izao: olana teo amin'ny varotra sy fandraharahana dingadinga na concombre de mer: nisy ny vola nalaina tamin'ny mpandraharaha miisa 7 tamin'izany sehatra izany, izay mandoa Ar 3.000.000, Ar 4.000.000 ary, Ar 5.000.000 isam-bolana izy ireo, nefa tsy miditra amin'ny kitampom-bolan'ny fiadidiana ny tanàna izany.

Nisy omby tao amin'ny vala famonjana na fourrière miisa 50 mahery, nanjavona tsy nisy hita ny toerana nandefasana ireo omby ireo. Raharaha efa fantatry ny Bianco koa.

Olana eo amin'ny resaka tany: maro ny tanin'olona sy tanim-panjakana alaina fotsiny amin'izao, izay tsy nahazoana alalana tamin'ny filankevitra monisipaly dia amidy fotsiny.

Ny haraton'ireo mpanjono madinika any an-toerana miisa 100 mahery, nalaina ireo harato ireo nefa efa misy trondro na filao. Nitababa ny tompony fa nangalana vola Ar 10.000 isan'olona, ny trondro anefa simba avy eo. Nitomany sy nalahelo ireo tompona harato mpanjono madinika ireo noho izany.

Ireo raharaha ireo dia efa any amin'ny BIANCO Mahajanga, koa manaitra ny tompon'andraikitra ny solontenan'ny mponina any Soalala, hijery akaiky izao tsindry hazo lena mahazo azy ireo izao.

***Stefa***

## TONONKALO

### VAZIMBA TE HO DARAFIFY ?

Mihamalaza tato ho ato ity ilay jiolahy mpanimba,
Izay nomena anaram-bosotra hoe "kapohy" na koa "vazimba".
Raha vao misy adiady dia tsy tana f`io ilaiàka,
Ka dia zendana ny maro sady tena mivanaka !

Teny Ankorondrano izao no nandrenesana azy farany.
Teny indray no nisehoany , nametrahany ny anarany.
Saingy tsy amin-java-tsara, tsy amin`ny toetra soa mampiavaka,
Fa amin`ny tetika maloto ho fampiadiana ny mpivavaka !

Ny fitsabahan`i Vazimba no nampisy gidragidra.
Tena nitatra ny fery ka nivadika ho dridra!
Tsy olon`ny fiangonana izy fa ilay zatra tsidi-pahitra ,
Saingy izao dia io mijoro ho fitadiavam-boninahitra !

Tena izay rehetra alehany, tsisy zavatra mirindra,
Fa aminy ny fidedahana , izay no lehibe indrindra !
Izy angamba ilay kapohy mba te hijoro ho darafify
Ka dia tena ihomehezana fa hoe "taolana ny nify"!

"Ady tany" koa no lalina fa tsy maintsy miditra izy.
(Tsisy zavatra voalaminy fa mainka tonga ny krizy !)
Avy eo anefa mihalangalana , mody tsy miteniteny
Ity havanana amin`ny ompa dia tsy iza f`i "Bozeny"!

Ry "kapohy" o ! ry "bozeny" tsy mahatakatra lasely ,
`Ndeha hevero izay hatao dia mba meteza hisaina kely,
Fa dia efa mampiaiky sy efa tena ikoizana
Ity ianao tapak`amponga tia miseho , tsy mety vizana !

Mba meteza hanaja tena f`aza faly ny hampiady.
Raha tsy izay dia tsotra ihany : `ndeha esory ny samboady,
F`aza dia alàm-baraka ny olona nifidy anao,
Ry solombava lian` ady sy tsy misy kalitao !

***TSIMIMALO (16-08-22)***

Tsy fiavian'ny kabeson'ny Ampanjaka Toera

# Latsa-dranomaso in-6 sy nalahelo ny Ampanjaka Sakalava

Tontosa soa amantsara ny Fitampoha 2022, izay natao tao amin'ny distrikan'i Belo sur Tsiribihina faritra Menabe, ny faha-4 Aogositra, ka hatramin'ny faha-12 Aogositra lasa teo. Omby miisa 19 no novonoina nandritran'izany fotoana izany. Saika nahatonga solontena tety avokoa ny Ampanjaka rehetra manerana ny Nosy, izay notarihan'ny avy ao amin'ny fikambanan'ny Aantenimieran'Olobe eto Madagasikara (AOM). Ny alakamisy vao nisy solontenam-panjakana foibe tonga tany an-toerana rehefa nisy ny antso avo tamin'ny haino amanjery sy ny tambazotra sosialy ary ny gazety, ka tonga tany an-toerana Andriamatoa Minisitry ny Jono sy ny Toekarena manga MAHATANTE Tsimanaoraty Paubert, raha solontena kosa no nalefan-dramatoa minisitry ny ponina izay zanak'i Menabe, no sady lehibe tao Belo sur Tsiribihina. Toy izany koa tsy tonga ramatoa minisitry ny serasera sy ny kolontsaina, izay voakasik'ity Fitampoha ity, satria dia isan'ny harenan'ny kolontsaina Malagasy ny Fitampoha. Nivoitra nandritra ny lahatenin' ny Minisitry ny Jono sy ny Toekarena manga MAHATANTE Tsimanaoraty Paubert, fa nirahin'ny filoham-pirenena sy ny Praiminisitra hisolotena azy ireo, no nahatongavany tany, izany hoe tsy hisolo ny minisitry ny serasera sy ny kolontsaina akory. Ny nahagaga ny maro dia tonga niaraka avokoa ireo delegasiônina avy any amin' ny fitondrana foibe, izay notarihin'ny minisitry ny jono sy ireo solontenam-panjakana avy any Morondava, izay notarihin'ny governoran'ny faritra Menabe, notronin'ny solombavambahoaka voafidy tao amin'ny distrikan'i Belo sur Tsiribihina, sy ny avy ao Miandrivazo, fa ny solontena izay nirahin-dRamatoa minisitra Lalatina kosa na dia efa tamin'ny atoandro aza no tonga teo Belo sur Tsiribihina dia efa tamin'ny valo ora alina vao tonga teny Ampasy, izay toerana nanaovana ny Fitampoha ary tsy mba nanotrona ny minisitry ny jono andriamatoa MAHATANTE Tsimanaoraty Paubert akory, na tamin' ny fahatongavan'ny minisitra MAHATANTE Tsimanaoraty Paubert, na tamin'ny fihaonany tamin' ny Ampanjaka. Ahian'ny olona ho resaka politika no nandehanan'ny Talen'ny Kabinetra ny Minisiteran' ny Serasera sy ny Kolontsaina Andriamatoa RASOANARIVO Haja sy ny Tale Jeneralin'ny Kolontsaina RAZAFIARISON Francis tany, satria raha tee-shirt Fitampoha avokoa no nanaovan'ireo solontenam-panjakana dia tee-shirt Freedom kosa ny an'igahy Talen'ny Kabinetra RASOANARIVO Haja. Nandratra ny lahateny nataon'ny Ampanjaka Kamamy Magloire dia latsadranomaso mihitsy izy nangataka tamin'ny fitondrana foibe ny mba hampodiana ny kabeso, na ny karandohan'ny Ampanjaka Toera, izay mbola any Frantsa ankehitriny. Raha ny dingana efa vitan'ny fianakaviana izay nataon'izy ireo tamin'ny alalan'i Joe Kamamy dia efa vita ny dingana siantifika fa ny resaka diplaomasia sisa no ilana ny fanjakana, nefa dia toa tsy dia taitra amin'izany ny fanjakana raha ny zavatra misy no jerena, ka dia manao antso avo ny Ampanjaka Sakalava, ny mba hampodiana ity karandohan'ny Ampanjaka Toera ity satria dia niady sy niaro ny tanindrazany hatramin'ny farany mihintsy ny Ampanjaka Toera hoy izy, tsy nanaiky ny fanjanahantany. In'enina latsadranomaso moa ny Ampanjaka Kamamy Magloire nandritr'iny Fitampoha iny, raha ny resaka kabeson'ny Ampanjaka Toera. Isan'ny zavatra tsapa koa tato ho ato, fa tsy hita sy mamonjy hetsika ato Menabe mihintsy ny solombavambahoaka izay voafidy tao Manja izay toa manavaka an'i Manja tsy isan'ireo distrika 5 ato Menabe ny fihetsika izay ataon'ity solombavambahoaka ity, raha hita sy tazana matetika amin'ireo hetsika reziônaly izay misy ao Morondava kosa ny ben'ny Tanànan'ny kaominina Manja.



*Ny Fitampoha tany Belo Tsiribihina tamin'ity taona ity.*

***Rajepa***

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Helisoa, Rajepa

**Akon'ny saika nanamarihana ny faha-20 taonan'ny antoko TIM tany Mahajanga. Am-pilaminana no nizorana namonjy ny Magro tao Mahajanga Be.**





**Nilaharana, tsy nisy ny solika tany Mahajanga sy Ambondromamy afak'omaly.**





**Akon'ny Fitampoha 2022 tany Belo Tsiribihina.**









# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Helisoa, Isambilo

Navitrika ny mpandray anjara, tamin'ny opération Koba nokarakarain'ny Com-Tim sy ny Foko-Tim Antehiroka distrikan'Ambohidratrimo.










Tena ratsy ny lalana Toamasina-Foulpointe, lalampirenena faha-5, sahirana ireo mampiasa izany lalana izany.










FIKAMBANANA AOM

# Efa ho 100 mahery ny foko eto Madagasikara fa tsy 18 ihany

Efa tany amin'ny taona 1200 tany ho any no efa nisy ny gasy, hoy ry zareo avy ao amin'ny AOM na Antenimieran'Oloben'i Madagasika, izay milaza fa tsy voafetra ho 18 ny foko eto Madagasikara, fa saingy nohon'ny fanjanahantany dia noferan'ny frantsay ho 18, ka izay foko nifanakaiky dia natambatry ny frantsay ho iray, fa efa maherin'ny zato ny foko eto Madagasiaka. Ohatra amin'izany ny foko Mahafaly izay nanambarana ny foko Tevindrogny sy ny Tagnalagna ; toy izany koa ny foko Tsimihety izay ivondronan'ny Zafindramahavita sy ny Zafindramahay sy ireo foko maro izay miisa 73 saingy natambatra ho foko iray. Amin'izao fotoana izao dia efa mivondrona sy mamerina ny tantara ireo taranak'Andriana ankehitriny, ka nanangana fikambanana Antenimieran' ny Oloben'i Madagasikara ( AOM), izay efa arapanjakana tamin'ny taona 2019. Natsangana ity fikambanana ity hoy ny andriambavy Lucie Ramenason, izay anisan'ny solontenan'ny AOM sy ny Andriana Merina tany amin'ny Fitampoha Menabe. Tanjon'ny AOM ny famerenena ny soatoavina maha Malagasy, izay efa miha-very sy mihasimba ankehitriny, ka mahatsapa fa manana adidy sy andraikitra ny taranak' Andriana, fa tsy hoe entina hireharehana fotsiny hoe taranak'Andriana ary iray ihay ny Malagasy, fa tsy misy ambony tsy misy ambany. Efa mahatratra 26 moa izao ireo foko mitambatra ao amin'ny AOM ary efa maro ireo taranak'Andriana mivondrona ao. Fanamby lehibe ny fampitoviana hevitra ny Andriana rehetra manerana ny Nosy ary hamerenana ny sotoavina sy ny kolontsaina Malagasy, satria resy lahatra izy ireo, fa tsy handroso mihintsy ny Malagasy, raha tsy miova ny toe-tsaina ary ny fanajana ny fototra maha Malagasy ny Malagasy.




***Rajepa***

Menabe Connexion

# Fahombiazana ny hetsika andiany faha-2

Ny Menabe Connexion dia fikambanana naorin' andriamatoa Hawel Mamod'Ali, tamin'ny alalan' ny fampivondronana ireo zanaky ny faritra Menabe miparitaka manerana ny vazan-tany, tamin'ny alalan'ny connexion ary misy ny hetsika Jeux de Menabe, izay karakarain'izy ireo, notanterahina ny faha-12 sy 13 ary 14 Aogositra lasa teo ny andiany faharoa, tamin'ny hetsika izay nokarakarain'izy ireo izay. Nahitana hetsika ara-panatanjahantena sy kolontsaina maro isan-karazany, izay maimaimpoana avokoa, teo koa ny dinidinika narahina ady hevitra, ho fampandrosoana ny faritra Menabe, niresahina ny tontolon'ny fizahantany sy ny tontolo iainana ary ny olan'ny Jirama Morondava, ka hisy ny fandravonana izany ary hatolotra ny fitondrana mahefa. Isan'ny nampiavaka ity andiany faharoa ity ny fampivelarana ny taranja nilalaovana, ka nasiana ny rugby à 15, nanafarana ireo fikambanan'ny mpilalao rugby zokiny any ao Antananarivo ( FIMPIRUZO). Nivoitra nandritra ny tafa nifanaovan'ny mpanao gazety tamin' Andriamatoa Hawel Mamod'Ali, nampahatsiahiviny fa tsy vao izao izy no nanohana ny fanatanjahantena sy ny kolontsaina teto Menabe, sy nanohana ireo mpanao fanatanjahantena avy ato amin'ny faritra Menabe. Nanome toky ihany koa izy, fa tsy hijanona amin' izany ary hitohy ny hetsiky ny Menabe Connexion amin'ny herintaona, izay andiany fahatelo.




*Ireo avy amin'ny Menabe Connexion.*

***Rajepa***

Asief Analamanga

# Nofaranana tamin'ny famaranana Basket- Ball



Nofaranana tamin'ny fanatanterahana an'ireo lalao famaranana basikety isan-tsokajiny, notanterahina tetsy amin'ny « Palais des Sports Mahamasina » tamin'ny talata 16 aogositra 2022, ny fifaninanana rejiônaly Asief Analamanga.

Voka-dalao azo tamin'izany :

Sokay "Dame" : MINAE 69 - 64 EMA,

Sokajy "Vétéran" : MSP 87 – 40 JIRAMA,

Sokajy "Jeune" : MTEFPLS 58 - 50 PRIMA.

***Rainilita***

Bacc ankapobeny sy teknika, Toamasina

# Nahatratra 60,68% ny taham-pahafahana

Nivoaka ny voka-panadinana bakalôrea tany Toamasina, nahatratra 60,68% ny taham-pahafahana teo amin'ny back ankapobeny, sy bacc teknika miaraka. Raha ny voka-panadinana voaray teo amin'ny bacc ankapobeny:

Série A1 : 579 no afaka/1 007 kandidà, manome 57,50% ;

Série A2 : 9 867 no afaka/17 375 kandidà, manome 56,79% ;

Série D : 3 004 no afaka/4 874 kandidà, manome 61,63% ;

Série C : 94 no afaka/124 kandidà, manome 75,81% ;

Série L : 1 422 no afaka/1 907 kandidà, manome 74,57 %;

Série S : 1 075 no afaka/1 740 kandidà, manome 61,78% ;

Série OSE : 1 001 no afaka/ 1 366 kandidà, manome 73,28%.

Totalin'ny afaka bacc ankapobeny: 17 042/28 393 kandidà.

Taham-pahafahana bacc ankapobeny: 60,02%.

- Bacc teknika: 1 276 no afaka/1 793 kandidà.

Taham-pahafahana bacc teknika: 71,17%.

Bacc ankapobeny sy teknika mitambatra: taham-pahafahana 60,68%, izany hoe 18 318 no afaka/30 186 kandidà niatrika izany fanadinana izany.

***Aly***




Vadina polisy sy vehivavy polisy

# Manatanteraka zaikabe any Antsiranana ny Fivapova

Manatanteraka zaikabe any Antsiranana faritra Diana nanomboka omaly ny vadina polisy sy vehivavy polisy, mivondrona ao amin'ny fikambanana Fivapova. Araka ny vaovao voaray, nanakoako tany amin'ny tanànan'ANTSIRANANA omaly ny diabe nataon'ny Fikambanana vadina Polisy sy Polisy vehivavy, ho fanokafana ny zaikabe tanterahina any an-toerana nanomboka omaly 17 Aogositra ary tsy hifarana raha tsy ny 20 Aogositra ho avy izao. Tao amin'ny Gymnase Antsiranana no natao ny lanonam-panokafana, izay teo ambany fiahian'ny Minisitry ny Filaminam-bahoaka mivady. Omaly atoandro dia nomen-danja ny sehatry ny kolontsaina, ka nisy ny fifaninanana vakodrazana nataon'ny mpizaika.

***Stefa***



*Vadina polisy sy polisy vehivavy any Antsiranana.*

## Mpiandry raharaha

**PHARMACIES DE GARDE 13/08/2022 hatramin'ny 20/08/2022**

- **67HA** (face Eglise Luthérienne) 020 22 253 61
- **VOLAHANTA** (Anosibe près du rond point vers Soanierana) 020 22 355 09/034 24 334 86
- **IARIVO** (Analakely en face Institut d'hygiène sociale) 020 22 224 26/020 22 699 19/034 16 326 06
- **AMBANIDIA** (Ambanidia) 020 22 255 50/033 05 255 50
- **MAHAVOKY** (Mahavoky Andravoahangy) 020 22 255 51/034 89 056 09

HJRA (urgences) : 033 11 890 58 / 22 279 79

HOMI Soavinandriana : 22 397 51

Hopitaly Befelatanana : 22 223 84 / 22 6 N72 21

Hopitaly Loterana Ambohibao : 22 441 88 /22 485 17

Clinique des Soeurs Ankadifotsy :22 235 54

Ambulances municipales : 22 200 40

Jirama:
Telma : (22)3547 (n° vert) / Airtel :03 35 47 / Orange :032 32 3547

Pompiers :
Tél : 118/ 22 250 18/ 22 225 66

Police :
Hôtel Central de Police : 17 / 22 227 35 /22 357 09

1° Arrondissement Tsaralalàna : 22 280 54
2°Ambanidia : 22 309 46
3°Antaninandro : 22 291 30
4°Isotry : 22 280 51
5°Mahamasina :22 280 48
6°Ambohimanarina : 22 225 52
7°67 Ha : 22 291 29
8°Analamahitsy : 22 493 25
Brigade criminelle : 22 216 78 /22 210 29 / 22 674 83 na 84

GIR : 22 227 35

**Gazetim-baovao miseho intelo isan-kerinandro**
**Vidiny: 300 Ar**
**Adiresy: lot T 70 Ankadindratombo**

**TALEN'NY FAMOAHANA :**
Rahelisoa A.
034 79 07600

**MPANAO GAZETY**

**Politika:**
Isambilo: 033 24 783 65
Rajo: 033 80 022 53
Andry Tsiavalona 032 07 744 55

**Toe-karena :**
Aly : 033 18 382 88

**Kolontsaina:**
Aris: 034 17 460 53
Beharo : 032 02 557 89

**Fanatanjahantena:**
Lita: 033 41 557 69

**Mailaka:**
gvalosoa@yahoo.com
**NATONTAN'NY**
**Imprimerie de la RN7**

Fametrahana 1333-08-2022
Isan'ny natonta: 10 000

Tsy azo adika, na alain-tahaka, na antsaina ampahibemaso raha tsy ahazoana alalana vita soratanana avy amin'ny tompony

### AMBASADIN'I ETAZONIA ETO AMINTSIKA

# Nampiditra rano fisotro madio sy fotodrafitrasa fidiovana amin'ny faritra ambanivohitra

Nampiditra rano fisotro madio sy fotodrafitrasa fidiovana amin'ny faritra ambanivohitra ny Ambasadin'i Etazonia eto amintsika. Maherin'ny 8.000 ireo mpisitrka izany amin'ny faritra afovoan-tany sy atsimo atsinanana. Nitokana rafi-pamokarana rano madio ho fanatsarana ny fahasalaman'ny mponina maherin'ny 8.000 ny Sampandraharaha Amerikanina misahana ny Fampandrosoana Iraisampirenena na USAID, ny herinandro lasa teo, tao amin'ny kaominina anankiroa tsy nisitraka rano afovoan-tany sy atsimo atsinanan'i Madagasikara. Notokanana tamin'ny fomba ofisialy ny 12 aogositra lasa teo tao amin'ny kaominina Andonabe ao amin'ny Faritra Vatovavy sy Andrainjato ao amin'ny Faritra Matsiatra Ambony ireo fotodrafitrasa vaovao sy nohatsaraina ireo. Anisan'izany ny tohadrano vaovao ho an'ny fanangonan-drano, ireo fitaovana fanadiovana sy fitahirizana rano, ary koa ireo barika sy fantsona mampifandray ireo singampamokaran-drano maro samihafa. Tafiditra ao anatin'izany koa ny toerana fandroana ho an'ny daholobe, ny lava-piringa, ny toerana fanasan-tànana, ireo tobim-patsakana madinidinika, ary ny fantson-drano mampifandray ny rafi-pamokaran-drano amin'ny sekoly sy ny tobim-pahasalamana vitsivitsy. Ireo kaominina ireo dia anisan'ny kaominina 250 tohanan'ny USAID eny anivon'ny faritra ambanivohitra amin'ny alalan'ny tetikasa RANO WASH, izay maharitra enin-taona ary mitentina 30 tapitrisa dolara. Ny tanjon'ny tetikasa dia ny hampitombo ny fisitrahana rano madio sy hanatsarana ny fotodrafitrasa fidiovana eo anivon'ny faritra ambanivohitra ao anatin'ny faritra 7 eto Madagasikara. Ireto fotodrafitrasa vao notokanana ireto kosa dia anisan'ny fiaraha-miasa manokana eo amin'ny tetikasa USAID RANO WASH, sy ny Agence Française de Développement (AFD). 83 % ny mponina eto Madagasikara dia monina any ambanivohitra avokoa, ary ny 34% amin'ireo mponina ireo ihany no misitraka rano fisotro madio. 6% monja amin'ireo mponina ambanivohitra ihany koa no afaka misitraka toeram-pidiovana manara-penitra, araka ny tarehimarika navoakan'ny UNICEF. Ny USAID dia miara-miasa amin'ny Ministeran'ny Rano, Fahadiovana sy Fidiovana eto Madagasikara ary koa ireo Ministera hafa sy ireo manam-pahefana isan-tsokajiny amin'ny fanantanterahana ny tetikasa RANO WASH. Miara-miasa ihany koa amin'ny ny sehatra tsy miankina sy ny ONG toa an'ny CARE, izay mitarika vondron'ny mpiaramiombon'antoka misy ny Catholic Relief Services (CRS), ny WaterAid, ny BushProof, ary ny Sandandrano. Tafiditra tao anatin'ny hetsika natao teny amin'ny kaominina Andonabe ihany koa ny fankalazana ny fahafahan'ny kaominina tanteraka tamin'ny fangerena ankalamanjana. Kaominina faharoa nahazo izany sata izany tany amin'ny faritra Vatovavy ity kaominina ity, ary efa handrasana tsy ho ela koa ny an'ny kaominina hafa. Modely ho an'ny tanàna hafa izy ireo amin'ireo ezaka nataon'izy ireo hanafoanana io fomba amam-panao io. Ny governemanta amerikanina no mpamatsy vola be indrindra ho an'ny sehatry ny fahasalamana eto Madagasikara, izay mitentina 440 tapitrisa dolara mahery nanomboka ny taona 2015. Tamin'ny taona 2021 fotsiny dia efa nanome 86 tapitrisa dolara ny USAID, ho fanatsarana ny fahasalamana sy ny fiainan'ny vahoaka malagasy.

**Niaina**




*Rano fisotro madio avy amin'ny Amerikana any amin'ny faritra Atsimo Atsinanana.*

BEHARO

## Teny tondro (Ny Valosoa Vaovao)

**N° 402**




**BL** = Bory Loha
**BR =** Bory Rambo
**MIV** = Mivadika
**MIK** = Mikorontana

Misy ny teny Malagasy ofisialy sy ny tenim-paritra


Ohatra : Valy = Vady

### Valiny Teny Tondro (0401)

*Mitsivalana*
- Pataloha
- Akalana
- Rano – Ilo
- Antsa – At
- Sata
- Inri – Ory
- Rava
- Ma (miv)

*Mitsangana*
- Paraky
- Naka (miv) – RN (miv)
- Tantara
- Sola (miv) – IV
- La – As
- Ony – Ao
- Halatra
- Miato (miv)

### TENY MIFANAPAKA N° 402




**Mitsivalana**

**1.** Mitovy amin'ny masina – Notanterahina vao haingana **2.** Foto-tenin'ny fanadinana (miv) – Bengy **3.** Sahala – Lavitra (miv) **4.** Amboarina tsara – Kianteny (miv) **5.** Efa miomana tsara – Tao **6.** Taova – Ao amin'ny Boky **7.** Mampitovy ny akoho sy ny akanga – Rainy **8.** Nanohana (miv) – Hery sy tanjany (miv) **9.** Toerana – Ao amin'ny fery **10.** Fanomezana ara-bola

**Mitsangana**

**A.** Bota – Maneno, manako **B.** Manahirana (miv) – Toerana **D.** Foko **E.** Salama (miv) – Ambany **F.** Mandalina maharitra (miv) **G.** Vizana – Hita ao amin'ny zipo **H.** Tsy lavitra – Fanafody **I.** Maneho fanoherana – Vorona **J.** Rango-pohy (miv) – Mpanoritra **K.** Hamerezana

### Valiny Teny mifanaraka 0401

**Mitsivalana**

**1.** Ampelatovo **2.** Koa - Enina **3.** Ody - Ota - Zo **4.** Nino - Mav(o) **5.** Dago - Kaina **6.** Kanety **7.** Atao (miv) - Raràn(a) **8.** Orana - Ana **9.** Akaton - Ry (miv) **10.** Sa - Trano (miv)

**Mitsangana**

**A** Akondro - As **B.** Modia - Aoka **D.** Paingotra **E.** OO - Aato **F.** Leo - Non(o) **G.** Antakarana **H.** Tia - Ana - Ar **I.** No (miv) - Miera **J.** Vazantany **K.** Ovainare(o)

## NY TENY FIAINANA

*Ary ny mpanjaka nanondro an'i Estera tamin'ny tehim-bolamena. Dia nitsangana Estera ka nijanona teo anatrehan'ny mpanjaka.*
***Estera 8:4***

**BASIKETY ANKOAY U18 LAHY SY VAVY**

# Noraisin'ny Nations Unies teny Andraharo



*Ireo Ankoay U18 zatovolahy sy vavy, teny amin'ny biraon'ny Firenena Mikambana teny Andraharo.*

Noraisin'ny fandaharan'asan'ny Firenena Mikambana misahana ny Fampandrosoana ( Nations Unies - UN), tetsy amin'ny foibentoerany etsy Andraharo ireo mpilalao ao amin'ny Ekipam-pirenena Malagasy U18 , ANKOAY Zatovolahy sy Zatovovavy, tamin'ny talata 16 aogositra 2022 lasa teo.

Fotoana nanamafisan'ny solontenan' ny Firenena Mikambana ny fiaraha-miasa hanatrarana ny "Tanjon'ny fampandrosoana lovainjafy", sy nankasitrahana ireo solontena maharitra avy amin'ny UNICEF, UNFPA , OMS, ireo mpilalao sy ny mpanazata ny Ekipam-pirenena, ary ny Federasiôna Malagasy ny Basket-ball, tamin'ny vokatra tsara azon'izy ireo nandritra ny Afrobasket U18, ary koa nitondran'izy ireo teny fisaorana ho an'ny Federasiôna Malagasy ny Basket-ball ( FMBB), sy ny mpikarakara ary ny ekipam-pirenena Malagasy, tamin' ny fahatokisana ny Firenena Mikambana tao anatin' ny fiaraha-miasan'ny roa tonta nandritra ity Afro-basket U18 natao teto Madagasikara ity.

Ankoatra izay dia nidera manokana an'ireto mpilalaon'ny Ekipam-pirenena malagasy ireto ny Firenena Mikambana, amin'ny maha Tanora azy ireo, izay mipetraka ho ohatra tsara ho an'ny Tanora Malagasy manontolo, ka nisy ny fanasana an'ireo mpilalao, mba ho "mpitondra tenin'ny Tanora" ao anatin'ny Tanjon'ny fampandrosoana Lovainjafy", ka nomarihan'ny Solontena maharitry ny Firenena Mikambana misolo-toerana nandritra ny teny fohy nataony, fa "Afaka mirehareha amin'ny zava-bita ianareo, fitaratra ho an'ny tanora sy ny ankizy ianareo ". Mbola nanamafy ny Firenena Mikambana, fa mbola vonona hatrany hiaraha-miasa amin'ny FMBB amin' ireo programa hafa ao aoriana, ka hiarahan'ny roa tonta mijery ny endrika sy fanatanterahana izany fiaraha-miasa izany.

Nofaranana tamin'ny fiaraha-misakafo ity fihaonana teny Andraharo ity.

***Rainilita***

**« Préparation CAN Côte d'Ivoire 2023 »**

# Mpilalao miisa 40 no nantsoin'i Nicolas Dupuis

Mpilalao miisa 40 no voafantin'ny mpanazatra Nicolas Dupuis, ka nantsoiny handrafitra ny Barea hanomana ny "Fenêtre Fifa", ho tontosaina amin' ny 19 ka hatramin'ny 27 septambra 2022 izao.
Marihina fa hivoaka afaka herinandro vitsivitsy ny anaran'ireo mpilalao 23, ho voatazona handrafitra ny ekipam-pirenena Malagasy amin'ny lalao ara-pirahalahina, izay hanomanana ireo lalao mandroso sy miverina hifanandrinana amin'i Centre Afrique amin'ny taona 2023.
Ireto avy ireo mpilalao 40 voalaza ireo:



*Ny mpanazatra ny Barea.*

Mpiandry harato : Nina (Elgeco Plus), Mathyas (Psg France), Adrien Melvin (Teg Genève Fc France), Allan (Us Créteil Lusitanos France),
Vodilaharana : Naurah (Cffa), Rajo (Jet Kintana), Tantely (Cffa), Tsilavina (Elgeco Plus), Kenji Van (Aj Auxerre France), Fontaine Thomas (As Nancy Lorraine France), Jeremy Morel, Bapasy (Js St Pierroise La Réunion), Mamy Gervais (Uss Tamponnaise la Réunion), Métanire Romain (Minnesota United Usa), Sylvio François (F91 Dudelange Luxemboug), Vita Rémy (Fortuna Sittard Pays Bas), Dorian (Fc Arges Pitesti Roumanie),
Irakiraka : Njiva (Al Jandal Arabie Saoudite), Lalaina (Cffa), Rojolalaina (Ajesaia), Jean Aimé (Elgeco Plus), Dax (Fosa Juniors), Soloniaina (Fosa Juniors), Marco (Sporting Charleroi Belgique), Amada Ibrahim (Al Qadsiah Arabie Saoudite), Rayan (Aj Auxerre France), Hery Bastien (Finn Harps Ireland), Zotsara (Fc Balti Moldavie), Baggio (Jeanne D'Arc La Réunion), Kalvin (Fc Deolois France),
Lohaharana : Tsilavina (Fosa Juniors), Rinjala (Fosa Juniors), Loïc Lapoussin (Ru St-Gilloise Belgique), Carolus (Ohud Al Medina Arabie Saoudite), Voavy Paulin (Chazl Mahalla Sc Egypte), Julio Kenny (Fc Arges Pitesti Roumanie), Alexandre Ramalingom (Cs Sedan Ardennes France), Hakim Abdallah (R.E Virton Belgique), Fabrice (Sainte Rose La Réunion).

***Rainilita***

**"Eliminatoires CHAN ALGERIE 2022"**

# Miomana mafy eny Carion ny Barea

Manakaiky dia manakaiky ny dingana manaraka hiatrehan'ny Barea Chan ny "Eliminatoires CHAN ALGERIE 2022", hifanandrinany amin'ny ekipam-pirenen'i Botwana, fa amin' ny sabotsy 27 aogositra 2022 ho avy izao manomboka amin'ny 15h00 (amin' ny 4 ora Madagasikara), no hanatanterahana ny lalao mandroso ao amin' ny kianja "Obed Itani Chilume Stadium" any Botswana ary etsy amin'ny Kianja Barea Mahamasina kosa no hanatanterahana ny lalao miverina.



*Ny Barea Chan manomantena any Carion.*

Ao anaty fanomanana tanteraka ireo mpilalao mandrafitra an'ity Barea Chan 2022 ity sy ny "staff technique"amin''izao fotoana.

Raha nanomboka ny faran'ny herinandro lasa teo ny fampivondronana etsy amin'ny "Centre Technique National Carion", dia handrasana tsy ho ela kosa ny fivoahan'ny lisitr' ireo mpilalao 23 izay ho voatazona hiatrika ireo lalao hifanandrinana amin' i Botswana ireo.

***Rainilita***

## Sakafo Ny Valosoa



**Rambon'omby sy kabaro** indray, no laoka amin'ny Sakafo eto amin'ny gazetinao androany. Atao ketsaketsa izany, na atao ridritra. Tsara raha hasiana lasary voatabia na lasary tômaty miaraka aminy. Dia mazotoa homana tompoko.

## NY VALOSOA sy Mahasoa

### Otra mampiafana marary vavony, maloiloy, kibo misy rivotra,…

Otra mampiafana marary vavony, maloiloy, kibo misy rivotra, mandoa, miakatra any amin'ny tenda ny acide gastrique, aretim-bavony. Orina moramora eo amin'io teboka mangamanga amin'ny sary io mandritra ny 5-10 min. Afaka averimberina isaky ny misy fanaintainana. Mety atao daholo na tanana havia na havanana.



## NY VALOSOA sy Mahaliana

### Ny tanànan'i Bemaitso any amin'ny distrikan'Andilamena faritra Alaotra Mangoro

Ny tanànan'i Bemaitso any amin'ny distrikan'Andilamena faritra Alaotra Mangoro indray, no Mahaliana eto amin'ny gazetinao androany. Renivohitry ny kaominina Bemaitso ity tanàna ity, iray amin'ireo kaominina miisa 8 mandrafitra ny distrikan'Andilamena. Any avaratry ny faritra Alaotra Mangoro no misy ny tanànan'i Bemaitso. Azo lazaina ho avo toerana izy satria 949 m ny haavony miohatra amin'ny ranomasina. Vokatra any ny vary, ny anana isan-karazany, ny haninkotrana toy ny mangahazo, ny katsaka. Mpiompy omby ihany koa ny mponina any Bemaitso.

